150 *Vonona Aho!*

(Matio 9:37, 38)

1. Tian'i Jehovah ho faly ianao,
   Ka nomeny asa, nomeny hatao.
   Safidy maro, 'zay samy tsara.
   Mba tianao ve ny handray anjara?

(*AVERINA ISAN'ANDININY*)
Vonona aho! 'Ndeha hanao
asa an-tsitrapo.
Ka 'zay mba kely haiko, hampiasaiko,
hataoko am'ny fo.

2. Raha mbola be ny faritany,
   Hanitatra aho, hanampy ny any.
   Raha mila ampiana ireo tra-boina,
   Handeha foana aho raha vao antsoina!
(*Averina isan'andininy*)

3. Raha Efitrano no ilaina izao,
   Na koa fiteny iray vaovao,
   Hianaranay raha azo atao.
   Ka ny toe-tsaina, dia: "Intỳ aho!"
(*Averina isan'andininy*)

(Jereo koa ny Jaona 4:35; Asa. 2:8; Rom. 10:14.)

© 2016 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania